Fitondrana Rajoelina 3
Fomba ratsiny ny manakona ny zava-misy iainam-bahoaka

Ny Valosoa sy Fakafaka 2
Olona iray tsy haha-voaongana fanjakana

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Befandriana Avaratra faritra Sofia 7
Tsy misy mpividy, amidy eny an-tsena miaraka amin'ny anana ny lavanila

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 22 desambra 2022 Laharana 1382 Vidiny : 600 Ar

Fandikan-dalàn'ny fitondrana Rajoelina 2

# Tsinontsinoaviny sy tsy omen'ny HCC hasina ny HCDDED






Raharaha Andry Biahary 2

# Tsy rariny ny namonjana azy nivoaka ny didim-pitsarana



Ao anatin'ny haizina no mipoitra ny kintana 7

# Boky mitantara ny fahombiazan' ny Profesora Jonah Ratsimbazafy






Fondation Celine et Didier Ratsiraka 3

# Manohy ireo asa maro efa nataon'ny Amiraly Ratsiraka mivady



**Tranga** 6

Lehilahy iray hita faty tamin' ny ranon'Andranotapahina

**Diaspora Pro Ravalomanana** 3


Nizara vary ho an'ireo zokiolona tao Talatamaty

**Daka kely**

Mieritrereta ialahy tena ry Boaikely fa hogahogain'ny mpokona sisa a !

FANDIKAN-DALÀN'NY FITONDRANA RAJOELINA

# Tsinontsinoaviny sy tsy omen'ny HCC hasina ny HCDDED




*Vaky ny ady eo amin'ny filohan'ny HCDDED sy ny HCC.*

Namoaka ny fanambarany, na avis ny HCC omaly, mahakasika ny fangatahan'ny filohan'ny HCDDED, filankevitra ambony ho fiarovana ny demokrasia sy ny tany tan-dalàna, ny hilazan'ny HCC, na ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana, ny nanafoanana ny fitsipaham-pitokisana tao amin'ny Antenimierampirenena, sy ny fanitsakitsahana ny lalampanorenana ataon'ny filoha Rajoelina, nihaona mivantana tamin'ireo depiote. Toy izao izany fanambarana nataon'ny etsy Ambohidahy izany: "Avis n°01-HCC/AV du 21 décembre 2022 Relative à une demande du Président du Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit. Le Président du Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit ne pouvant être qualifié ni de Chef d'Institution ni d'organe de Collectivités Territoriales Décentralisées, n'a pas qualité pour prendre l'avis de la Cour de céans pour quelque objet que ce soit."

Midika fa tsy filohana andrim-panjakana hono ny filohan'ny HCDDED, sady tsy rafitra momba ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana koa. Tamin'ity fanambaran'ny HCC ny heviny ity koa dia voalaza, fa tsy azo raisina ny fangataham-panazavana nataon'ny filohan'ny HCDDED Navony Pierre Lenoble. Tonga amin'ilay hoe : "azo raisina fa tsy mitombina koa izany ireo raharaha nalefa teny Ambohidahy. "

Momba ity raharaha ity, foano rehefa tsy ilaina sy tsy homena hasina ny HCDDED. Koseho ny andininy faha- 43 ao amin' ny lalampanorenana sy ny lalàna 2015-001. Arak' izany, tsapa fa miaro mafy ny filoha Rajoelina ny HCC, na dia efa hita fa manitsakitsaka ny lalampanorenana aza tamin' ilay fitsabahana andraikitra tao Tsimbazaza, sy ny namoriana depiote teny amin'ny Arena.

**Isambilo**

Raharaha Andry Biahary

# Tsy rariny ny namonjana azy, nivoaka ny didim-pitsarana

Nivoaka afak'omaly efa hariva, ny didim-pitsarana mahakasika ny raharaha momba ilay mpandrahahara mpisintona lakolosy, avy any Toliara faritra Atsimo Andrefana ary nofonjaina tany amin'ny fonjan'Ankazondrano any Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony. Toy izao ireo didy navoakan'ny fitsarana ambaratonga voalohany any Fianarantsoa: sazy mihantona 18 volana no azony mahakasika ny fitoriana azy ho nitarika fanongam-panjakana. Faharoa: sazy mihantona 06 volana mahakasika ny resaka famoriam-bahoaka tsy nahazoana alalana. Fahatelo: afaka madiodio kosa izy tamin'ny fiampangana azy, fa nanala baraka tamin'ny radio sy televiziona ary tamin'ny tambazotran-tserasera facebook. Nilaza ny mpisolovava an'i Andry Biahary, fa tsy nahafapo ny didy ary mbola nampiakatra fitsarana ambony izy ireo. Arak'izany, afaka mivoaka ny fonja i Andry Biahary, mitatao eo amboniny kosa anefa ireo sazy mihantona. Na teo aza izao fanafahana azy izao, nilaza ny Zanak'i Toliara eto an-toerana sy any ivelany, fa tsy rariny izao namonjana ity mpandraharaha



*Ny mpandraharaha sady mpisintona lakolosy, Andry Biahary.*


mpisintona lakolosy ity izao, satria no- samborina tamin'ny andro alina izy, tamin'ny nisamborana azy dia tsy fantatra ny "motif d'arrestation" na ny antony nisamborana azy. Tsy ara-dalàna ny fitondrana azy ivelan'i Toliara na eto Madagasikara ihany aza. Tsy nahazo "droit à l'avocat", na zo nahazo mpisolovava izy. Tsy afaka namangy azy ny fianakaviany. Nosakanana ny fianakaviana izay saika nanaraka azy tany Fianarantsoa. Mbola tsy notsaraina taorian'ny "mandat de dépôt" 48 ora araka ny voalazan'ny lalàna, efa nihoatra ny roa andro vao voatsara izy.

**Stefa**

Production Sylvianno Ratsimandresy

# Hamokatra horonan-tsary momba ny tantaram-piainan'ny Amiraly Ratsiraka

Vinavinaina hivoaka amin'ny taona 2023 ho avy izao, ilay horonan-tsary "Biographique prémier trilogie", momba ny tantaram-piainan'ny Filoha teo aloha, ny Amiraly Ratsiraka Didier, teo anelanelan'ny vanimpotoana 1972, ka hatramin'ny taona 1982. Horonan-tsary amin'ny teny Malagasy ranoiray, izay haharitra 90 minitra, hovokarin' ny "Production Sylvianno Ratsimandresy", miaramiasa amin'ny "Fondation Celine et Didier Ratsiraka", ka ny fampahafantarana amin'ny taranaka ho avy ny fomba fiainan'i Didier Ratsiraka, sy ny fandraisany fanapahan-kevitra teo amin'ny fiainany; ny fomba fiainany amin'ny maha olona azy, na koa amin'ny maha Ray aman-dreny azy no tanjona. Nilaza Ramatoa Annick Ratsiraka mpanorina ny "Fondation Celine et Didier Ratsiraka", fa ny zavatra tena misy no hasongadina mandritra ny fanatontosana ny horonan-tsary ary




*Fampahafantarana ilay horonan-tsary momba ny Amiraly Didier Ratsiraka.*

mpilalao sarimihetsika afaka mamoaka an'ilay "Charisme" ananan"i Didier Ratsiraka, no ilaina fa tsy mionona amin'ny fitoviana amin'ny endrika fotsiny. Nanamafy Ramatoa Ratsiraka Annick, fa tiana mba hipetraka ho tantara eo amin'ny fiainampirenena ny fahafantaran'ny olona bebe kokoa ny fiainan'ny filoha Ratsiraka Didier amin'ny alalan'ity horonan-tsary ity. Nanambara Andriamatoa Sylvianno Ratsimandresy mpamokatra horonan-tsary, fa ny fahaizan'ny Amiraly Ratsiraka Didier nametraka ny fahaleovantenan'i Madagasikara manoloana ny firenena Frantsay, no antony nisafidianan'ity farany hamokatra ny tantarampiainan'ny filoha teo aloha ary mety hanova zavatra eo amin'ny tantaran'ny horonantsary Malagasy ny fivoahan'ity tantaram-piainan'i Ratsiraka Didier ity. Nanamafy Andriamatoa Ratsimandresy Sylvianno, fa mpilalao sarimihetsika miisa 100, no handray anjara amin'ny fanatontosana ny horonan-tsary ary hisy ny antso izay hataon'ny "Production Sylvianno", amin 'ireo mpilalao sarimihetsika vonona hanatanteraka an'ilay horonan-tsary. Tsiahivina fa hivoaka miaraka amin'ity horonan-tsary "Trilogie premier" ity ireo "Documentaire; Interviews; temoignages", momba ny tantaran'ny filoha Ratsiraka Didier. Marihina fa haharitra 2 taona no hamokaran'ny "Production Sylvianno Ratsimandresy" ny horonan-tsary "Deuxième Trilogie" (1972-1991), sy ilay horonantsary "Troisième Trilogie" (1996-2002).

**Franck Razakambelo**

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Olona iray tsy haha-voaongana fanjakana

Ao anaty geja tsy afaka maneho hevitra ny Malagasy ankehitriny . Ireo izay miseho miteniteny, avy hatrany dia fonja no miandry azy . Lazaina mihintsy fa manohintohina ny fiandrianam-pirenena sy mitady hanongam-panjakàna. Vao omaly ny omaly no nihararan'izany ny mpampaneno lakolosy Andry Biahary, izay nahazo sazy mihantona 2 taona, nolazaina fa nitarika olona hanongam-panjakàna sy famoriambahoaka tsy nahazoana alalana . Dia gaga ny maro satria hanongam-panjakàna izany ve dia sazy mihantona no miandry azy, sady olona iray ve hahaongana fanjakana? Dia vakiana fotsiny araka ny fitenin'ny tanora, fa tampenana ny vavan'i Andry Biahary , ary tsy afaka mihetsika intsony na misy aza zavatra hitany, fa tsy rariny miseho eto amin'ny firenena , indrindra ny any Toliara . Toy izany avokoa ny mahazo ireo rehetra izay atahoran'ny fanjakana migadra any Antanimora sy Tsiafahy ankehitriny : Rolly Mercia, Berija, Mahery Lanto Manandafy, raha tsy hiteny afa-tsy ireo fotsiny . Ity fitondràna ity dia mihevitra ny Malagasy ho vendrana satria milaza ny filoha Andry Rajoelina tany Etazonia, fa misy ny demokrasia eto Madagasikara, afaka maneho hevitra , miady amin'ny kolikoly, sns… Nefa raha vao mihetsika ny vahoaka dia avy hatrany dia mampiasa hery avy amin'ny alalan'ireo lazaina, fa mpitandro filaminana nefa mpamoritra vahoaka . Manoloana izany indrindra dia mitady ny fomba hanehoany hevitra ireo izay afaka manao izany amin'ny fotoana tsy ampoizina . Toy izany ny nahazo ny kôrtezin'ny filoha Rajoelina izay tratry ny horakoraka teny Analakely, mbola tsy nisy angamba tao anatin'ny 60 taona . Mba tonga saina ve Andry Rajoelina mahita ireny zavatra ireny ? maninona raha tena filoha ianao dia mba nidina nihaino ny fitarainan'ny olona, fa tsy vao mainka nandeha faran'izay mafy ? Zavatra toy ireny ve no nitsenana ny Champion ?

**Helisoa**

Tontolon'ny asa fanaovan-gazety

# Namoy an-dRamanana Indriantiana Jaomaharo (Doda)

Misaona ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety eto amintsika, nodimandry tamin'ny alahady 18 desambra 2022, teo amin'ny faha-47 taonany i Doda Ramanana Indriantiana Jaomaharo. Izy dia mpanao gazety nikirakira ny vaovao ara-panatanjahantena tao amin'ny gazety Le Quotidien tamin'ny fotoan'andro. Vao tsy ela akory izay no nanangananany ny vondron-tserasera Askizaka, niaraka tamin'ireo mpiaramiasa aminy. Mirary fiononana feno sady mankahery ny ankohanana, sy ireo fianakaviana nilaozany ary koa ireo tapaka sy namany sy fianakaviamben'ny mpanao gazety Malagasy izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao manontolo . Mandria am-piadanana ry namana !

**Rainilita**



*Doda Ramanana fony fahavelony.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Fomba ratsiny ny manakona ny zava-misy marina iainam-bahoaka

Rehefa mandre ny teny ambaran'i Andry Rajoelina ataony any ivelany any, dia toy ny hoe mandroso haingana dia haingana tsy misy toa azy i Madagasikara, ary milamina ny vahoaka malagasy manana filoha mahay mitondra firenena. Niaraha-nandre, ohatra, ny faramparany teo tamin'ireo mpianatra tany Amerika tany. Teny tsara lahatra sy fampandriana adrisa re izao. Mazava loatra, fa raha tsy maharaka ny zava-misy marina iainan'ny vahoaka malagasy eto Madagasikara izy ireny, ary mihinana amam-bolony fotsiny, dia ho voafitaka tanteraka. Mila fantatr'izy ireo any ivelany any, fa ilay Malagasy aty an-tanindrazany anie ka faraidiny mahantra indrindra raha samy vahoaka maneran-tany. Mila fantany ihany koa, fa olom-bitsy teratany malagasy sy karana indrindra indrindra, no mitavana ny harena eto amin'ity firenena ity sy migalabona amin'ny fiadanam-be. Ny fisehosehon' ireo mpanefoefo ireo amin'ny fitaovantserasera samihafa sy amin'ny sehatra samihafa no indraindray ilazana ny fandrosoan'i Madagasikara sy hanakonana ny tena zava-misy marina amin'ny fahantrana eto amin'ny firenena. Ankehitriny izao efa niakatra indray, ho 85% ny tahan'ny fahantrana eto Madagasikara araka ireo mpahay toekarena malagasy mivondrona ao anaty fikambanana iray. Mihamiharihary mazava tsy takon'afenina izay fahantran'ny vahoaka malagasy izay miditra amin'izao ankatoky ny fety Krismasy sy faran'ny taona izao. Manao izay azony atao ny rehetra amin'ny fitadiavana na ny mpangataka izay mitombo isa hatrany andro aman'alina, ny mpitsoka mozika sy sodina ary mively amponga izay nirongatra ny fitombony tato anatin'ny andro vitsivitsy lasa izay, sy niditra amin' izao volana desambra izao, hatramin'ny zaza sy ankizy sy azo ampiasain'ny ray aman-dreniny na mangataka na mihirahira eny an-dalambe sy tohatohabato rehetra eny, sns… raha tsy hilaza afa-tsy ireo. Tondrorefy mazava tsara ireo mampiharihary ny fitotongan'ny fari-piainan'ny vahoaka malagasy sy fihanaky ny fahantrana lalina eto Madagasikara. Ny eto an-drenivohitra ihany aza izay voalaza izay, fa eo ihany koa ny any amin'ny faritra samihafa toy ny any atsimo sy atsimo atsinanana ary ny atsimo andrefana, izay anjakan'ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka ary amoizana ain'olona mihitsy aza, misy ny mpiray tanindrazana izay mihinana ny tsy fihinana mihitsy ihany koa mba ho velona, izany hoe efa miady aman' aina ny zava-misy manjo azy ireo. Dia mbola sahy ihany i Andry Rajoelina mandray amboara amin'ny fanjarian-tsakafo, toy ny mandatsa ireo mpiray tanindrazana any amin'ny faritra miady mafy andro aman'alina, mitady izay harapaka hitazonan'aina sisa izany.

Raha mbola mitohy ihany izao fomba ratsy fanaovana fanambarana amin'ny zava-tsy mifanaraka amin'ny zava-misy marina eto amin'ity firenena ity, izay zary miendrika famitaham-bahoaka, famitahana ny malagasy any ivelany any, sns… dia mazava loatra, fa tsy hisy zavatra hiova, tsy hisy fandrosoana, tsy hisy fihatsaram-piainan'ny vahoaka malagasy maro an'isa izany eto, raha mbola izao fitondrana izao ihany no mitondra ny firenena.

**Sôh'son**

FONDATION CELINE ET DIDIER RATSIRAKA

## Hanohy ireo asa maro efa nataon'ny Amiraly Ratsiraka mivady

Ho fanohizanany asa izay nataon'ny Amiraly Didier Ratsiraka mivady tamin'ny fotoan'androny, no tena antony nananganan'ny mpiasa miasa sy ny fianakaviana ny Fondation Celine et Didier Ratsiraka. Herintoana izay no nitsanganan' izany ary efa marobe ireo asa izay natomboka. Ny sehatry ny fanabeazana no tena nilofosana nandritra io taona voalohany io, raha ny fanazavana nomen'ny zanakavavin'ny Amiraly Ramatoa Annick Ratsiraka. Ny sehatry ny fanabeazana rahateo no isan'ireo asa tena nilofosan'ny filoha teo aloha tamin'ny nahateo azy amin'ny fitondra-na azy . Ny Amiraly no nametraka ny politika fampanatonana ny zaza Malagasy ny Fanabeazana, ka nanorenana sekoly SFF na ny sekoly fanabeazana fototra isaky ny fokontany. Teo ihany koa ny kolejy isaky ny firaisam-pokontany ary tonga hatramin'ny Oniversite isaky ny faritany. Tao anatin'ny taona voalohany nijoroany dia mbola ny fanatsarana sy ny fanamafisana orina ny sehatry ny fanabeazana no asa nataon'ny Fondation. Isan' ny amaranana ny hetsika amin'ity taona ity ny Bazar de Noel, izay hatao etsy amin'ny Cercle Franco Malagasy nanomboka ny 21 desambra ary tsy hifarana raha tsy ny 24 de-sambra.



*Fankalazana ny Noelin'ny ankizy, niarahana tamin'ny Fondation Celine et Didier Ratsiraka.*

Fitaizana izay napetraky ny Amiraly mivady ny hoe Mijery ny olona tsy ankanavaka, ka izay no nanaovana ity hetsika ity, hihaonana sy hifaneraserana amin'ny mpiray tanindrazana rehetra ka tranoeva 30 no hita mandritr'izany. Ho hita ao avokoa ny kojakoja rehetra izay ilaina amin'ny fiatrehana izao Noely izao.

Nambaran'ny Zanakavavin'ny Amiraly hatrany, fa mba ho famerenana ao amin'ireo tanora ny tantaran'ny Amiraly dia eo am-pikatrohana ny fanaovana ny horonantsary mirakitra ny tantarany amin'izao fotoana izao ny Fondation Celine et Didier Ratsiraka sy ireo mpiaramiasa rehetra.

**Helisoa**

Diaspora Pro Ravalomanana

## Nizara vary ho an'ireo zokiolona tao Talatamaty

Noho ny fahatongavan'ny Krismasy sy ny taona vaovao dia nahatsiaro ireo mpiray tanindrazana aminy, ireo Diaspora Pro Ravalomanana avy any ivelany, ka nitondra vary mba hanalàna fahasahiranana ireo zoky olona ao amin'ny fokontany Ankadivory sy Amboropotsy Talatamaty distrikan' Ambohidratrimo. Natao izao hoy ny solontenan'izy ireo nizara ny vary eto Madagasikara, Zo Rarivosoamboahangy, mba hanalàna fahasahiranana ny mpiray tanindrazana amin'izao fety izao . Mahatsiaro ireo Diasopra Pro Ravalomanana, fa mijaly sy sahirana ny vahoaka Malagasy ankehitriny, noho ny zavamisy eto amin'ny firenena. Mankahery ny Malagasy izy ireo amin'izao fotoan-tsarotra mahazo ny firenena ankehitriny izao . Velom-pisaorana ireo Diasopra avy any ivelany ireo nahazo tombontsoa, satria mba ho afa-pahasahiranana kely izy ireo amin'ny fanampiana izay natolotra azy.

**Helisoa**



*Ny hetsika sosialy nataon'ny Diaspora Pro Ravalomanana teny Talatamaty.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Kongresina antoko

### Homba ny antoko TGV ny filohan' ny CENI



**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref :** Congrès an'ny TGV hatrehin'i Dama pdt CENI sy Ramatoa ministre vadiny alefa anaty spot misy manaparitaka amin'izao fotoana... Efa tsy neuter intsony raha izany ny filohan'ny CENI.
**Toky Harinala Razafindrakoto :** ilay fanatrehan'ilay olona voalaza voalohany no tsy mety...
**Hubert Rakotoarimanana:** midika ho fombana ny antoko TGV izao ho hataon'ny filohan'ny CENI izao, raha hanatrika izany tokoa izy.
**Anthelme Ramparany :** asio sary video.
**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref :** Anthelme Ramparany : spot audio ilay aty.
**Naism Son :** CENI de la Partie, ouuuffffff ,viloma raneutralité !
**Sandratra Ramanantsalama Antenaina Fidèle :** mba te hahita izany sopt zany aho namana Zaref.
**Francis Hary Soleman Kone :** raha sanatria misy izany , dia zay vao tena looooza!
**Ndremanjato Alpha :** ataovy sérieux kosa lety e !
**Zo Vaovao Ofisialy :** mety ny azy satria tsy misy mpanelingelina izy kou... anazy daholo ny fahefana rehetra eto @ tanàna.
**Zo Anselme :** aiza kosa eeee !
**Fidèle Rajean Pierre :** efa revy hafa mihintsy no miainga eto Dago . Mijery fotsiny ny HCC.
**Velo Ghislain Arsene :** ilaiko nama zany zavatra zany. Mba omeo leka.
**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref :** Velo Ghislain Arsene : efa agny.
**Sambatra Rakotonarivo :** ef tsy rariny tsony.
**Clémence Raharinirina :** hein?!?
**Claudio Velotody :** efa tsy misy eky ny neutralité ny CENI e!
**Josoa Ravoaja:** dia efa mibaribary ny fombana ny atsy: ny TGV, ataon'ny filohan'ny CENI raha izany tokoa.
**Gustave Francis:** tsy ao intsony ny neutralité an'ity structure mikarakara election ity.
**Adolphe Ratsitohery:** mila ravana ny CENI raha izany, efa tsy neuter intsony ny President-ny.
**Veronique Ralimanantsoa:** efa hatrany am-piandohana no hita taratra fa homba ny atsy, homba ny antoko TGV ny filohan'ity rafitra CENI ity.

TONONKALO

### MBA METEZA HANETRY TENA

Ireny ve no mba lazaina ho mahay manetry tena,
Nefa dia misehoseho sy tia misalotra ny tsy azy ?
Hisidintsidina, hisavoana, izany hatrany no kendrena?
Tena toy ny volom-borona hoy ireo mpamazivazy !

Ireny ve no mba lazaina ho mahay manetry tena,
Nefa loza raha hifety sy handanilany foana?
E ! jereo `ty firenena , bokan-trosa , mahonena ,
Nefa dia teleferika no tadiavina hirosoana !

Ireny ve no mba lazaina ho mahay manetry tena,
Nefa lalina ny fihetsiny raha vao vory ny vahoaka !
Fidedahana no betsaka , hainy ny mampanantena.
Raha fehezina dia tsotra : aotra fa tsy misy hapoaka !


Ireny ve no mba lazaina ho mahay manetry tena,
Nefa tsy afaka hampiato ireo karazan-drendrarendrany?
Hita taratra eny foana ny tsy ampy fahendrena.
Ampangain`ny hoerahoera sy ny tetikasa vendrany !

**TSIMIMALO (06-12-22)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Aly, Helisoa

**Ny fampahafantarana ofisialy, ny boky navoakan'ny Profesora Jonah Ratsimbazafy teny Andohatapenaka, ny herinandro teo.**










**Niakatra ny rano tany Toliara faritra Atsimo Andrefana, noho ny orambe tany an-toerana.**







**Ny hetsika nataon'ny mponin'Itaosy afak'omaly alina, ho fanoherana ny delestazy.**





# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rakotobe Michel

**Krismasy isam-pokontany any amin'ny kaominina Ambohimanambola distrikan'Antananarivo Avaradrano. Ny fokontany Ambohibato Vohitra Ambohibato, sy Mahatsara no nanokafana izany hetsika KRISMASY ISAM-POKONTANY izany.**













**Asa sosialy amin'izao fetin'ny Noely izao, ataon'ny Fondation Celine et Didier Ratsiraka.**









TRANGA

# Lehilahy iray hita faty tamin'ny ranon' Andranotapahina

Nitangorona ireo nahita ny tranga vao maraina omaly teny amin'ny ranon'Andranotapahina distrikan'Ambohidratrimo. Lehilahy iray no hita faty teo amorondrano, teo amin'ity ranon' Andranotapahina ity. Samy niezaka nijery sy namantatra ilay razana ireo olona nanatrika teo, tonga teny an-toerana avy eon aka ny razana ny mpamonjy voina. Misokatra kosa ny fanadihadiana mahakasika izao tranga nahitana fatin'olona izao. Tsy nisy nahafantarana azy teny amin'ity olona namoy ny ainy ity, koa mbola eo am-panaovana izay famotorana izay ny mpitandro filaminana any amin'iny faritr'i Marovatana iny.

**Niaina**



*Razana hita teny amin'ny ranon'Andranotaphina omaly vao maraina.*

Tranom-piantohana AFAFI

# Miezaka mampihena ny tahan'ny olona tsy manana fiantohana ara-pahasalamana

80% ny olona eto Madagasikara dia tsy manana fiantohana ara-pahasalamana, ny mampalahelo dia tsy marisika hanatona toeram-pitsaboana ny olona sendra ny aretina noho ny adin-tsaina sy ny tsy fananam-bola. Nahitana fivoarana ny tranom-piantohana AFAFI « Mutuelle de santé » (Antoka ho an'ny fahasalaman'ny fianakaviana) nandritra ny 15 taona nijoroany teo amin'ny fiantohana ara-pahasalamana ny fianakaviana marefo teto Madagasikara ary nankalaza ny tsingerin-taona faha 15 taona nijoroany tetsy amin'ny Hotel Carlton Anosy ireto farany ny alarobia lasa teo. Nilaza i Dokotera Randriamalala Vero Olivia, Tale nasionalin'ny Tranom-piatohana Afafi « Mutuel de santé », fa manana tolotra feno omena ny mpikambana eo aminy ny AFAFI ao anatin'izany ny fiahiana ara-pahasalamana rehefa miditra Hopitaly, ny fiantohana ny vola lany eny amin'ny Dokotera tsy miankina, ny fisitrahan'ny mpikambana ny fihenam-bidy amin'ny saran'ny fanafody vidiana eny amin'ny « Pharmacie »… Ankoatra izany, nanohy fanazavana ny filoha nasionalin'ny AFAFI « Mutuelle de santé », fa maharamaso ny fivoaran'ny toe-pahasalaman'ny mpikambana ireo Dokotera eo anivon'ny Tranom-piantohana AFAFI ary manentana ny olona, mba hanatona haingana ny tobim-pahasalamana rehefa miantomboka ny aretina, fa tsy miandry ny aretina mihombo. Nanamafy i Dokotera Randriamalala Olivia Vero, fa manana ny fomba hamaritana ny atao hoe fianakaviana marefo ny Tranom-piantohana AFAFI « Mutuelle de santé », raha misy olona maniry hiditra ho mpikambana, satria voasokajy ao anatin'ny mason-tsivana avokoa ny olona marefo ara-tsaina, na koa marefo ara-piarahamonina … Marihina fa miisa 46000 no isan'ny mpikambana ao amin'ny AFAFI « Mutuel de santé », izay misandrahaka any amin'ny faritra 5, ao anatin'izany ny faritra Analanjirofo, ny faritra Matsiatra Ambony, ny faritra Itasy, ny faritra Bongolava, ny faritra Analamanga.

**Franck Razakambelo**



*Ny fankalazana ny faha-15 taonan'ny AFAFI tetsy amin'ny Hotel Carlton.*

Zandarimariam-pirenena

# Nahazo fampitaovana avy amin'ny firenena sinoa



*Miroborobo ny fiaraha-miasan'ny mpitandro filaminana amin'ny sinoa.*

Tsara ny fifandraisana eo amin'ny Zandarimariam-pirenena sy ny firenena Sinoa. Nahazo fampitaovana vaovao toy ny aroloha (casques), arovatana (gilets anti-balles) sy fitaovana fikapohana misy herinaratra ambony dia ambony (matraques), avy amin'ity firenena ity ny Zandarimaria.
Tato anatin'ny fotoana fohy izao dia nifanesy ny fahafatesana zandary, maty voatifitry ny dahalo, noho tsy fahampian'ny fitaovana hoentin'izy ireo miaro tena. Araka izany dia tena mamaly ny filan'ny Zandarimaria amin' ny fanavaozana ny fitaovana izao fanomezana avy amin'ny firenena sinoa izao. Ireto fitaovana ireto dia haparitaka sy hozaraina any amin'ireo tobin'ny Zandarimariam-pirenena, mba hampiasaina raha sanatria ka misy ny fanakorontanana ny filaminam-bahoaka, hiadiana amin'ny asan-jiolahy.
Natolotra ampahibemaso afak'omaly tao amin'ny Toby Ratsimandrava ireo fampitaovana vaovao vao azon'ny Zandarimaria ireo.

**Stefa**

Fahasalamana ara-pananahana

# Zava-dehibe ny fisitrahan'ny vehivavy ny zony hoy ny CNFM

Manana fahafahana mandray andraikitra momba ny tenany ny vehivavy ary tokony hisy lalàna hiaro an'ireto farany, raha misy olona misakana izany fisitrahana ny zony izany. Tontosa tetsy amin'ny « Live Hotel » Andavamamba ny talata teo ny atrikasa nandihihan'ireo fikambanam-behivavy ny votoatin'ny zon'ny vehivavy raketin'ny 'Protocole de Maputo » ary nampahafantarina nandritra ny fifanakalozan-kevitra natao, ireo tombontsoa sy lafin-tsara azon'ny vehivavy raha tanteraka ny fankatoavan'ny Fitondram-panjakana « Ratification » an'ity « Protocole de Maputo » ity eto Madagasikara. Nilaza Ramatoa Andriamasy Estelle filoha nasionalin'ny Cnfm (Conseil national des femmes de Madagascar), fa ny fanajana ny zon'ny vehivavy feno, izay ahitana an'ireo andinin-dalàna miisa 32 no mandrafitra ny « Protocole de Maputo », ohatra : ny zo Politika ho an'ny vehivavy ; ny zo maha olom-pirenena ; ny zo ara-toekarena ; ny zo ara-piarahamonina ; ny zo ara-panahana toy ny fahafahan'ny vehivavy hisafidy ny ho bevohoka na ny hiteraka ; ny fahalalahan'ny vehivavy hanatanteraka ny fandrindram-piterahana ; ny fahalalahana haneho hevitra sy handray anjara amin'ny fiainam-pirenena ; ny safidin'ny vehivavy mba hitady vola na hahaleotena eo amin'ny fiainany… Nanamafy ny filoha nasionalin'ny Cnfm, fa mba hahafahana manamora an'ilay « Ratification » dia mila mampahafantatra ny lalàna mirakitra ny « Protocole de Maputo », ho an' ny olom-pirenena sy ireo Solombavambahoaka ary ny mpitondra fanjakana isan-tsokajiny ny Cnfm. Nanohy fanazavana Ramatoa Andriamasy Estelle, fa tokony hiroso amin'ny adisisika amin'ny fanatanterahana ny « Ratiification » eo anivon'ny mpanatanteraka ny Cnfm, miaraka misalahy amin' ireo fikambanam-behivavy rehetra sy ny Ministeran'ny mponina ary ny Ministeran'ny fahasalamana. Tsy atao ambanin-javatra ny fametrahana an'ireo tambazotran'ny fikambanam-behivavy vonona hiady amin'ny Fitondram-panjakana, eo amin'ny fanatontosana an'ilay « Ratification Protocole de Maputo ».

**Franck Razakambelo**



*Ny atrikasa nataon'ny CNFM tetsy Andavamamba.*

Asief Nasiônaly 2023

# Any Toamasina mihaona hoy i John Love

Nifarana tamin'ny asabotsy 17 desambra 2022 tetsy amin'ny « Palais des Sports Mahamasina » tamin'ny fanatrehana ny lalao famaranana ny "Super Coupe de Volleyball" ny taom-pilalaovana 2022 hoan'ny lalao iombonan'ny Mpiasam-panjakana eto Madagasikara na ny Lalao Asief 2022 . Nambaran'ny filohan'ny Asief Nasiônaly, Botosera Jean Aimé (Jhon Love) taorianan'ny fanoloarana amboara tamin'izany fa hanao ny tsaratsara kokoa ry zareo mpitantanana amin'io taona 2023 io ary tsy hiova, hoy izy, fa any Toamasina araka ny efa voalaza no hanatanterahana ny fifaninana nasiônaly Asief 2023 ary miverina nivory ny Asief amin'ny faha- 18 janoary 2023 izao.

**Rainilita**



*Asief Volley- Ball sy ny filoha John Love tetsy Mahamasina.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 17/12/2022 hatramin'ny 24/12/2022**

- **PROVIDENCE** (Ando-han'Analakely près ex ci-nema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42
- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 038 37 007 07/032 11 220 11
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampa-sapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**


Fametrahana 1382-12-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

"AO ANATIN'NY HAIZINA NO MIPOITRA NY KINTANA"

# Boky mitantara ny fahombiazan'ny Profesora Jonah Ratsimbazafy

Navoaka tamin'ny fomba ofisialy ny herinandro teo, teny Andohatapenaka, ny boky vaovao vao navoakan'ny Profesora Jonah Ratsimbazafy mitantara ny fiainany sy ny lalana nizorany hatramin'izao fotoana. Mitantara ny fahombiazany eo amin'ny fiainana. "C'est dans l'obscurité que les étoiles scintillent", na "Ao anatin'ny haizina no mipoitra ny kintana", no lohatenin'izany boky izany, izay ahitana 200 pejy mahery. Nambaran'i Pr Jonah Ratsimbazafy nandritra izany, fa mitantara ny fiainany vao teraka ity boky ity, izy mpikaroka sy mpampianatra, ny maha-kristiana azy ary amin'ny maha- mpiaro ny tontolo iainana azy. Ny tanjona hoy izy dia mba ho vakian'ny tanora amin'izao fotoana izany boky izany. "Ao anatin'ny haizina no mipoitra ny kintana", mitantara ny lalan-tsarotra nodiavin'ny ray aman-dreniny koa, ka nahatafita azy mianadahy avy. Ao anatin'izany koa no anehoany ireo olona 5 nataony ho modely eo amin'ny sehatry ny fikarohana dia Pr Raoelina Andriambolona, Pr Berthe Rakotosamimanana izay efa nodimandry, Dr Patricia Wright, Dr Michel Witel Meier ary Pr Gervais Rakotofamantanantsoa izay efa nodimandry. Hita ao koa ny momba ny fahaizamitarika ananany, na leadership. Nisedra olana fony kely satria misy kilema ny tanany ankavia, nahatonga azy ho tratra aoriana vao niditra nianatra. Voatantara ao koa izy nianatra tany Etazonia, ny fifandraisany amin'ireo filoha nifandimby nitondra teto amintsika: ny tany aloha, sy ny amin'izao fotoana. Ny antony namoahana izao boky izao koa hoy ity mpampianatra mpikaroka ity dia mba ho maty hamela mamy ny tenako any aoriana, na "mourir le sourire aux lèvres". Amin'ny fiteny Frantsay ny boky navoakany, fa hadika amin'ny fiteny Malagasy sy amin'ny fiteny Anglisy izany ato ho ato, havoaka amin'ny teknolojia vaovao'ny fifandraisana koa. Hita ao amin'ity boky ity ihany koa hoy Pr Jonah, ireo karazana boky momba ny fikarohana efa navoakany miisa 260 mahery. Izany boky izany dia amidy ao amin'ny Librairie Antso Analakely, ao amin'ny Art Galery Antanimora ary ao amin'ny biraon'ny GERP Antsakaviro.




*Ilay boky navoakan'ny Pr Jonah Ratsimbazafy.*

***Isambilo***

Befandriana Avaratra faritra Sofia

# Tsy misy mpividy, amidy eny an-tsena miaraka amin'ny anana ny lavanila

Sahirana amin'izao fotoana ireo mpamboly lavanila any Befandriana faritra Sofia, tsy misy mpividy, amidy eny an-tsena miaraka amin'ny anana ny lavanila any an-toerana. Amidy miaraka amin'ny anana sy votabia teny an-tsena ny lavanila, rehefa tsy nisy mpividy. Very fanafy mbola velona ny tantsaha mpamboly lavanila any Befandriana Avaratra , noho ny tsy fisian'ny mpividy lavanila ao an-toerana . Voatery namidy eny an-tsena niaraka tamin'ny anana sy votabia ny lavanila masaka na maina. Ankoatr'izay, nilanja sora-baventy izy ireo mba hanairana ny mpitondra, fa indrindra ny filoham-pirenena sy ny ministry ny varotra amin'izao fahapotehan'ny vidin'ny lavanila izao . Marary izahay vahoaka, ka mangataka ny hampakarana ny vidin'ny lavanila ary ny hanalalahana ny fanondranana , hoy ireo tantsaha raha fintinina. 40 000Ar hatramin'ny 100 000Ar ny vidin'ny lavanila masaka ao Befandriana Avaratra, raha 500 000Ar ny vidiny ambany indrindra nofaritan'ny fitondram-panjakana ho an'ny lavanila voaomana.

***Aly***




*Lavanila amidy miaraka amin'ny anana sy voankazo any Befandriana Avaratra.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 416**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0415)

***Mitsivalana***
- Manakory
- Atakalo
- Ta
- Arovy (miv) – TD
- Taolan(a)
- Roa (miv) – Kere
- Tanàna (miv)

***Mitsangana***
- Matinay
- Vata (miv)
- Na – Otra
- Akora
- Ka – Aoka
- Oly – Len(a)
- Ro – Tara
- Tenda (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 416




**Mitsivalana**

**1.** Mpitondra fanjakana – Maharitra **2.** Fiantsoana anareo **3.** Ao amin'ny fiara – Karazana fanekena **4.** Avo toerana **5.** Tovona – Tsara sy meva **6.** Faran-teny (miv) – Gaga sy talanjona **7.** Aro moka – Natao mitovy **8.** Tsenabe **9.** Toerana fivarotan-toaka – Mpisolo tena **10.** Notanterahana – Ao amin'ny vava (miv)

**Mitsangana**

**A.** Mpanafika tanàna **B.** Tsofoka fanitarana – Bibikely – Oroka **D.** Firakofana – Fototenin'ny Mampitafy (miv) **E.** Sakafo (miv) – Lera **F.** Malaky **G.** Milaza fananana – Randrana **H.** Mari-bola – Aretina **I.** Naoty (miv) – Mamba – Tsirin-teny Mpifanao **J.** Tofoka – Zaza madinika, zanaka **K.** Teny Mandràra – Litera mitovy – Mpanoritra (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0415

**Mitsivalana**

**1.** Fikarohana **2.** Ary – Valiny **3.** Nirary – Fa (miv) **4.** Angano (miv) – Nao **5.** Maro – Liana **6.** Paiso (miv) – No (miv) **7.** Ny – Inri **8.** Kintana (miv) – To (miv) **9.** Nandà – IV **10.** Aty – Maimbo (miv)

**Mitsangana**

**A** Fanomanana **B.** (P)irina – Tany (miv) **D.** Kiraro – Any **E.** Soga (miv) – ID **F.** RN – Ianao **G.** Oviala **H.** Ha – Mikipy (miv) **I.** Alàna – Vy **J.** Nifanoro **K.** Ao – Matinao

## NY TENY FIAINANA

*"Fa satria an'ny andro isika, dia aoka hahonon-tena ka hitafy ny finoana sy ny fitiavana ho fiarovan-tratra, ary ny fanantenana ny famonjena ho fiarovan-doha."*
***I Tesaloniana 5:8***

**FIBA WORLD CUP U19**

# I "Coach Mémé" no mitarika ny fampivondronana

I "Coach MEME" na RANDRIA Aimé Alain Marcel, Mpanazatra, no mitarika ny fanazaran-tena ataon'ireo mpilalao voatily mety handrafitra ny Ekipam-pirenena malagasy amin'ny taranja basikety ANKOAY zatovolahy U 19 nanomboka tamin'ny alatsinainy 19 desambra 2022 teo eto Antananarivo izay hiatrika ny fiadiana ny AMBOARA ERAN-TANY 2023 Sokajy U19 Zazalahy ho tanterahina any Debrecen Hongrie ny 24 Jona hatramin'ny 2 Jolay 2023 hoavy izao. I "Coach Malala" na RAZAZAROHAVANA Malalatiana sy "Coach Big" na RAVELONIRINA Angelo kosa no Mpanazatra mpiara-miasa akaiky aminy ao anatin'izany fampivondronana izany.


*I Coach Mémé.*

Miisa 14 mirahalahy ireo nantsoin'ny Federasiona Malagasy Basketball - FMBB tamin'ny alalan'ny "Direction Technique Nationale" hiatrika ny fampivondronana voalohany. Eny amin'ny nametraka ireo Mpilalao rehetra miampy ireo Mpanazatra rehetra etsy amin'ny Radisson Blu Hotel Ambohijatovo, izay Toeram-pandraisambahiny raitra sy maoderna" araka ny nambaran'ny Mpandrindra ny Ekipam-pirenena eo anivon'ny FMBB Andriamatoa RANDRIAMANDIMBY Jimmy, izy ireo no mipetraka miaraka amin'ireo Staff Technique". Ireto avy izay ireo : 1-RAOBISAONA Tokiniaina Mihaja (Fandrefiala) 2-RANDIMBIARIVELO Rino (Serasera) 3-HERITIANA Fabrizio Mickael (Ebf) 4-BE Richcard (Asa) 5-EMMANUEL Yves Victorien Léon (Ascut) 6-TSIHINDINY Laurent Tahintsoa O'Neal (Ebf) 7-ZENERA Charlesco (Dtsc) 8-RATSIMAZAFY Andrinirina Marvin (Soe) 9-MORALILY Famenontsoa Tahimana (Nbe) 10-TOVOLALAINA Mariano Sylvain (Cospn) 11-ANDRIANTSIFERANA Maharo MIRANDO Levah (Amb' Hoops) 12-RABIBISOA Jerry Pepin (Cospn) 13-RANDRIANALINJAFY Dina (J.A Vichy-Clermont) 14-ALPHE VOAHASY Ulrich (Fandrefiala).

***Rainilita***

**Kitra, Coupe des Sélections Régionales U19**

# Hozaraina ho vondrona valo ireo mpandray anjara

Ho fanomanana ny handraisan'i Madagasikara anjara amin'ny fifaninanana baolina kitra COSAFA U20 amin'ny taona 2023 dia hisy ny fikarakarana fifaninanana baolina kitra natokana hoan'ireo mpilalao zatovolahy latsaky ny 19 taona hanomboka amin'ny volana janoary 2023 ho avy izao ka nampitondraina ny anarana hoe : "Coupe des Sélections Régionales U19 Garçons" . Avy amin' ity fifaninanana ity no hanganana ekipam-pirenen'ny baolina kitra Malagasy sokajy U 19 na Barea U 19 hiatrika an'io fifaninanana COSAFA


*Mpilalao Kitra Tanora Malagasy.*

U20 – 2023 io. Fandaharam-potoana Dingana 1 : 6 hatramin'ny 8 janoary 2023 Dingana faha 2 : 25 febroary hatramin'ny 5 martsa 2023 Dingana farany : Lalao famaranana hamaritana ny ho tompondakan'ny « Coupe des Sélections Régionales U19 – 2022 » Fizarambondrona Poule A any Antalaha : Sava, Diana Poule B any Mahajanga : Boeny, Sofia, Melaky Poule C any Tsiroanomandidy : Bongolava, Itasy, Betsiboka Poule D any Toamasina : Analanjirofo, Atsinanana, Alaotra Mangoro Poule E any Taolagnaro : Androy, Anôsy Poule F any Ihosy : Ihorombe, Atsimo Andrefana, Matsiatra Ambony Poule G any Antsirabe : Vakinankaratra, Menabe, Analamanga Poule H any Manakara : V7V, Amoron'i Mania, Atsimo Atsinanana.

***Rainilita***

**Karting Malagasy 2022**

# Fantatra ireo tompondakan'i Madagasikara


*Karting Malagasy 2022.*

Fantatra ankehitriny ireo tompondakan'i Madagasikara amin'ny lalao Karting dia i Eric teo amin'ny sokajy élita sénior » sy i David Rabary sokajy Junior. Teny amin'ny fanatontosana ny dingana faha-6 farany tamin'ity taranja ity teny amin'ny SRK Imerintsiatosika tamin'ny alahady 18 desambra 2022 teo no na- hafantarana an'izany. Tafavoaka ho mpandresy tamin'io dingana io teo amin'ny sokajy « catégorie élite sénior » i Timothée ary laharana faha-2 no nisy an'i Eric vaohosotra ho tompondaka.nitana ny laharana faha-2 kosa no voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara . Filaharana "Classement general" an'ireo 10 voalohany tamin'ny dingana faha-6 : 1°-Timothée 2°-Eric 3°-John Andry 4°-Nathan 5°-Olivier 6°-Mahary 7°-Mboara 8°-Nathan B 9°-Jessy 10°-Raphael.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy ravimboatavo** indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ritra izany, na atao ketsaketsa koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanadiovana nify amin'ny bicarbonate de soude na karibônetra

Fanadiovana nify amin'ny bicarbonate de soude na karibônetra indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny karibônetra dia manadio nify , manala tarte. Fomba fampiasa azy : 1 sotro kely isaky ny mampiasa, atao amin'ny borosy nify, kosehina amin'ny nify, avy eo kobanina ohatran'ny mampiasa dentifrice ihany.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambodimanga II, distrikan'i Fenoarivo Atsinanana, faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Ambodimanga II, distrikan'i Fenoarivo Atsinanana, faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambodimanga II ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana. Any afovoany atsimon'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Mbola azo lazaina ho iva toerana izy, satria 277 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny jirofo, ny vary, ny voankazo toy ny letchi, ny manga. Ahitana mangahazo koa any Ambodimanga II.






Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Tel. 034 79 076 00